REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

Alarobia 13 Aprily

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

I- FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Ankoatran'ny fandraisan'anjaran'ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanam-bola, ny Governoran'ny banky foibe amin'ny fivoriana isan-taona tanterahina any Washington miaraka amin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) sy ny Banky iraisam-pirenena, Ny Filoham-pirenena dia hihaona amin'ny Filohan'ny Banky iraisam-pirenena sy ny Tale jeneralin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena. Mandritra izany fihaonana ambony izany no ho tanterahina ny fampahafantarana ny mpamatsy vola iraisam-pirenana mahazatra ny Drafi-panarenana nasionaly (Plan National de Redressement) tao aorian'ny fandalovan'ireo rivo-doza teto amin'ny firenena sy ny fanatanterahana ny PEM.

Io Drafi-panarenana nasionaly io dia tafiditra amin'ny fanatanterahana ny PEM. Anisan'ny tetik'asa laharam-pahamehana voasoritra ao anatiny ny fanarenana ireo fotodrafitrasa lehibe tahaka ny lalana amin'ireo toerana nandalovan'ny rivo-doza. Laharam-pahamehana ihany koa ny fanarenana ny fambolena. Koa ho fanatanterahana ny PEM dia tsy maintsy hampitomboana ny velaran-tany hambolena vary, harenina ihany koa ireo tanim-bary sy tanim-boly simba ka hisy ny fampitaovana sy fanomezana masomboly ireo tantsaha, hisy ihany koa ny fanohanana ireo mpiompy.

Ny tanjona ho an'i Madagasikara dia ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy, amin'ny fanatanterahana ireo tetikasam-pampandrosoana maro izay napetraky ny Fitondram-panjakana.

Mandritra io fotoana io ihany koa dia hampatsiahy amin'ireo mpitantana eo anivon'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena sy ny Banky iraisam-pirenena ny delagasiona ny amin'ny tokony hanatanterahan'ireo firenen-dehibe izay tena mpandoto ny tontolo iainana ny andraikitr'izy ireo amin'ny fandrafetana ilay "Fond vert pour le Climat" ho an'i Madagasikara hiatrehana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro. Ho resahana mandritra ity fiahonana ity ihany koa ny ady atao amin'ny kere any Atsimo, izay miara-dalana amin'ny fanatanterahana ny « PEM – Sud »

Eo ihany koa ny tsy maintsy hiresahana ny fiantraikany eo amin'ny lafiny toekarena sy ny vidim-piainana ny krizy ara-pahasalamana COVID 2019 sy ny ady any Ukraine.

MINISITERAN'NY FITSARANA

Nankatoavina fampitana am-bava momba ny fanatanterahana ireo « Nouveaux Projets Emergents » an'ity minisitera ity izay mitentina 10.000.000.000 Ar izay tafiditra ao anatin'ny Lalàna mikasika Tetibolam-panjakana 2022 (LFI 2022).

Tafiditra ao anatin'izany ny fividianana fitaovana sy ny fanamboarana fotodrafitrasa entina hanatsarana ny tolotra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana. Isan'ireo tetik'asa voakasik'izany ny fanatsarana ny tontolon'ny fonja, ny fividianana fitaovana sy fampidirana herinaratra amin'ireo Fitsarana Ambaratonga Voalohany vaovao ao Sainte Marie, Sambava, Besalampy. Hanomboka hiasa amin'ity taona ity ihany koa ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany vaovao ao Avaradrano. Hisy ny fanamboarana tribonaly vaovao any Bealanana, Befandriana Avaratra. Eo ihany koa ny fahazoana fitaovam-pamokarana

sy fanajariana ny fotodrafitrasan’ny Camps Pénal ao Moramanga sy ny fanavaozana ny trano hametrahana “Pôle Anti-Corruption” ao Fianarantsoa

MINISITERAN’NY TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanadihadiana nataon'ny Standard & Poor’s (S&P) ny 12 aprily 2022. Anisan'ireo firenena nahazo naoty tsara (B-/B) ny Repoblikan'i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny fitantanam-bola ary indrindra ny fifandraisana amin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena.

Voalohany izao i Madagasikara no tafiditra anatin'ny fanadihadiana nataon'ity Foibe mpanao mpanao tombana ity ary ambonin’ireo firenena atsimon’i Sahara miisa 11 isika, anisan’izany ohatra i Ethiopie, Mozambique sy Nigéria. Ny fahazoana izao naoty izao dia dingana lehibe amin'ny fanatsarana sy fampandrosoana ny sehatry ny toekarena sy ny fitantanam-bola eto Madagasikara.

Ity naoty navoakan'ny S&P ity dia maneho ny fahavononan'ny Firenena Malagasy hampandroso ny tontolon'ny toekarena sy sosialy, indrindra taorian'ireo fanavaozana rafitra napetraky ny Fitondram-panjakana ankehitriny. Anisan’izany ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana, ny ady amin'ny kolikoly ary ny fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana. Eo ihany koa ny fahatokisan'ireo mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy vola iraisam-pirenena an'i Madagasikara. Ohatra amin'izany ny nahazoan'i Madagasikara famatsiam-bola avy amin'ny FMI amin'ny alalan'ny FEC ny volana martsa lasa teo

Dingana iray lehibe ho an'i Madagasikara arak’izany ny fahazoana izao naoty izao, indrindra amin'ny fifandraisana sy fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka Iraisam-pirenena sy ireo mpamatsy vola, amin'ny fanatanterahana ny vinam-pampandrosoana "plan Émergence de Madagascar" izay mikasa hametraka an'i Madagasikara ho isan'ireo firenena mandroso amin'ny taona 2040.

MINISITERAN’NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA + MINISITERAN’NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Nankatoavina ny fangatahan’ny minisitera roa tonta fanafoanan-ketra (franchise douanière) amin’ny fampidirana fitaovana sy fampitaovana, ary fiara manokana miisa roa (02) ho an’ny Mpamonjy voina, izay azon’ny Kaominina an-drenivohitr’i Fianarantsoa vokatry ny fiaraha-miasany amin’ny Fikambanan’ny Mpamonjy Voina any Vendée.

MINISITERAN’NY FANABEAZAM-PIRENENA

Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fahavitan’ny asa fanamboarana ireo Sekoly Manarapenitra sy ny fitokanana azy ireo.
Ankehitriny dia Sekoly Manarapenitra miisa 123 (Lycées, EPP, CEG) izay novatsian’ny fanjakana Malagasy vola no vita tanteraka ary efa azo tokanana.
Ankilany, EPP miisa 118 any amina faritra miisa enina no efa noraisina vonjimaika. Izy ireto indray dia novatsian’ny Banky Iraisam-pirenena vola, tamin’ny alalan’ny Tetikasa PAEB.

Nankatoavina ny fanaovana famaritana maimaim-poana ireo tany misy an’ireo sekoly izay fananan’ny Minisiteran’ny Fanabeazam-pirenena manerana an’i Madagasikara.
Izany no natao dia mba ho fiahiana sy fiarovana ireo tany misy sekoly ka hisorohana ny mety hisian’ny mpibodo tany.
Ny saran’ny famaritana tany dia eo ho eo amin’ny 1 500 000 Ar. Ny sekoly kosa dia miisa 29 000 manerana an’I Madagasikara ka rehefa atao ny kajy dia mitentina Ar 43 500 000 000 ny sandan’ny famaritana azy rehetra. Tsy voaefan’ny Minisitera nefa izany, koa neken’ny Filankevitry ny minisitra ny fanaovana ny famaritana maimaim-poana.

Nomarihana araka izany ny maha-zava-dehibe ny fiarovana ny tanim-panjakana rehetra manerana ny nosy.

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Nankatoavina ny fangatahana famatsiam-bola fanampiny sy ny fandoavana ny trosan'ny ONE izay nanao ny « Etudes d'Impacts Environnementaux.

Ankoatra ireo tetikasa miisa 06 voatazona ao amin'ny NPE 2022, ny Minisitera dia manana tetikasa maro hafa izay tafiditra ao anaty ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Ny didim-panjakana laharana 2004-161 tamin'ny 3 febroary 2004 mikasika ny « Mise en Compatibilité des Investissements avec l'Environnement » (MECIE) kosa ankilan'izany dia mitaky ny fanomezan'ny ONE ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana ho an'ireo fampiasam-bola ara-panjakana sy ny tsy miankina amin'ny fanjakana.

Mba hahafahana manomboka ny asa ao anatin'ny fotoana nifanarahana, noho izany, dia nankatoavina ny fanomezana ho an'ny minisitera ny teti-bola izay ahafahana miantoka ny fanaovana ny fanadihadiana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy mifandraika amin'ireo tetik'asa tokony hatao. Izany vola izany ihany koa dia natokana mba handoavana ireo saran'ny nanaovana fanadihadiana momba ny fiantraikan'ireo tetikasa sasany eo amin'ny ara-tontolo iainana sy ara-tsosial izay efa vitan'ny ONE tamin'ireo tetik'asa teo aloha, kanefa mbola tsy voaloa.

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

Nankatoavina ny fametrahana ny tetikasa « Projet d'Amélioration de l'Accès à l'Eau Potable à Madagascar (PAAEP) » izay vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola.

Io Tetikasa io dia tafiditra ao anatin'ny Drafitra nasionalin'ny Rano. Ny tanjony dia ny hanatsaràna ny fahazoana rano fisotro madio eto Antananarivo Renivohitra sy any amin'ny tanàn-dehibe hafa miisa dimy eto Madagasikara : Antsiranana, Mahajanga, Fianarantsoa, Manakara et Antsirabe. Mitentina 220Millions USD ny tetikasa ary manodidina ny 1 800 000 ny olona hisitraka azy ka 1 200 000 amin'izany no eto Antananarivo Renivohitra ary 600 000 kosa any amin'ireo tanàn-dehibe hafa.

II- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2019-1124 tamin'ny 06 jona 2019, ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Tojo Michaël** ho « Directeur des Systèmes d'Information et de la Communication » an'ny « Institut National de la Statistique » eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2014-1179 tamin'ny 30 jolay 2014 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANARIVONY RAKOTOARISON Jean Elie**, ho « Secrétaire Exécutif » an'ny « Conseil Supérieur de la Comptabilité » eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2019-1455 tamin'ny 07 aogositra 2019 ary manendry an-d**Ramatoa LAURET Marielle Fanny**, ho « Directeur de la Régulation du Secteur Privé » eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-897 tamin'ny 08 septambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOJOELIMARIA Andriamihaja Zo Nirina**, ho « Directeur des Affaires Financières » eo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-921 tamin'ny 15 septambra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RAMILISON Njarasoa**, ho « Directeur de l'Immigration et Emigration » eo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry,** ho « Secrétaire Général » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana

MINISISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1139 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RAZANAMASY TSIKITSIKY Nany,** ho « Directeur Général de la Jeunesse » (DGJ) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-Tena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1261 tamin'ny 10 novambra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RAHARIVOLOLONA Maminirina Estel**, ho « Directeur des Etudes Juridiques » (DEJ) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-Tena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1257 tamin'ny 10 novambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa BE Uguson**, ho « Directeur de la Programmation et des Appuis » (DPA) eo anivon'ny « Coordination Générale des Projets » an'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-Tena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1143 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa JOELISON Voahirana Herimanana, née RAFIONONANTSOA,** ho « Secrétaire Permanent du Comité Interministériel de la Jeunesse » (SP/CIMJ) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-Tena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1145 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAJOHARISON Lantoarivelo Andrianina,** ho « Secrétaire Permanent de la Cellule de Coordination du Mouvement Associatif des Jeunes » (CCMAJ) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-Tena.

MINISTERAN'NY ASA TANANA SY NY HAITAO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an**'Atoa. RAKOTOARIMINO Raheriarijaona Théodore**, ho Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Asa Tanana **sy ny Haitao**

MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY SY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-937 tamin'ny 15 septambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAINIBE Andry Jaonson,** ho « Directeur Général de la Population » eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2014-1310 tamin'ny 14 aogositra 2014 ary manendry an'**Andriamatoa TAFIKA ANDRIAMAHAZO Nanaharilalaina Hasinavalona**, ho « Directeur Régional » an'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy any amin'ny Faritra Alaotra Mangoro.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2014-1497 tamin'ny 17 septambra 2014 ary manendry an'**Andriamatoa ABDALLAH Mohamed Narcisse**, ho « Directeur Régional » an'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy any amin'ny Faritra Sofia.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2016-346 tamin'ny 27 aprily 2016 ary manendry an-d**Ramatoa ZAFINIRINA Claudette Dermany**, ho « Directeur Régional » an'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy any amin'ny Faritra Anosy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2019-1716 tamin'ny 04 septambra 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RASOANIRINA Hantamalala Alexis**, ho « Directeur Régional » an'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny Vehivavy any amin'ny Faritra Fitovinany.

MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-656 tamin'ny 24 jona 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAZANANIRINA Henri Délice,** ho « Secrétaire Général » an'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-1131 tamin'ny 09 septambra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAVALY Désiré Alphonse**, ho « Directeur Général des Mines » eo anivon'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika.

III- FANAFOANANA

MINISITERAN'NY FITSARANA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2018-711 tamin'ny 12 jolay 2018 izay nanendry ny « Directeur du Système d'Information et Suivi-Evaluation » teo anivon'ny « Pôles Anti-corruption ».

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FANANAN-TANY

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-966 tamin'ny 29 septambra 2021 izay nanendry ny « Directeur du Bureau de Traitement des Doléances » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany**.**

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-770 tamin'ny 16 jolay 2020 izay nanendry ny « Directeur Général Technique » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-932 tamin'ny 15 septambra 2021 izay nanendry ny « Directeur des Affaires Financières et du Patrimoine » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1055 tamin'ny 06 oktobra 2021 izay nanendry ny « Directeur de la Communication et du Partenariat » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-771 tamin'ny 16 jolay 2020 izay nanendry ny « Directeur du Système d'Information et du Suivi-Evaluation » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2022-075 tamin'ny 12 janoary 2022 izay nanendry ny « Directeur de la Cellule de la Recherche et du Développement » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-808 tamin'ny 23 jolay 2020 izay nanendry ny « Directeur de la Cellule de la Bonne Gouvernance » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2022-074 tamin'ny 12 janoary 2022 izay nanendry ny « Directeur de l'Alimentation en Eau » eo anivon'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.

SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-1376 tamin'ny 08 desambra 2021 izay nanendry ny « Inspecteur » eo anivon'ny « Inspection Générale de la Gendarmerie nationale ».

Natao ny 13 aprily 2022
Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe
eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika